# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Mey 2018

**30** **Alarobia**
mey

**Tsy … nihaino Ahy ianareo.** Jeremia 35. 15

**Koa tandremo ny fihainonareo.** Lioka 8. 18

**Namaly *(an'i Jehovah Izay niantso azy)* i Samoela hoe : Mitenena, fa mihaino ny mpanomponao.**
1 Samoela 3. 10

**Tsy izany mihitsy no nolazainy !**

Efa vonona hivoaka ny trano i Jaona. Iny handeha hamoha varavarana iny izy vao niantso an-dreniny, manao zavatra any ambony rihana :

— Neny ô, mahazo milalao any amin'i Bary ve aho ?

— Vitao aloha ny entimodinao, dia mahazo mankany ianao, hoy ny reniny namaly.

Mahagaga, fa ny faran'ilay fehezanteny ihany no voarain'i Jaona : „Mahazo mankany ianao". Dia lasa nankany amin'i Bary izy… Vitany ve ny entimodiny ? Tsia, tsy nanomboka akory aza izy. Nitovy tsara anefa ny fitenin'ny reniny, nilaza aloha hoe : „Vitao aloha ny entimodinao". Fa i Jaona kosa tsy nihaino tsara, ka izay nandamindamina azy ihany no henony ! Te ho any amin'i Bary izy, ka nivaona ny nandraisany ilay valinteny. Niera tokoa i Jaona, saingy tsy nankatò ny reniny…

Ry kristiana, ahoana ny fihainontsika izay lazain'Andriamanitra ? Isika ve tsy mifidifidy izay andinin-tSoratra Masina metimety amintsika, ary manao ho toy ny tsy misy ireo izay tsy araka ny efa nokasaintsika ? Tahaka an'i Jaona, dia mifidifidy izay hohenoina isika, ary tsy tsapantsika akory aza izany, indraindray.

Angatahintsika Andriamanitra hampahafantatra antsika ny sitrapony, kanefa ve isika vonona mandrakariva hahare ny valinteniny, na hanao ahoana izany na hanao ahoana ? Toy ny mihainohaino „eny lavidavitra eny" fotsiny isika, ary mandray „araka izay tiantsika handraisana". Raha ny marina, dia efa nanapa-kevitra isika…

Raha te hatoky ny handre ny valintenin'Andriamanitra isika, dia tokony hanatona Azy amin'ny alalan'ny vavaka, aloha. Hampahafantarin'Andriamanitra antsika tokoa ny sitrapony, raha tena katsahintsika an-kitsimpo.